# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Des 2018

**1** **Asabotsy** desambra

**Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, Izay mitandrina fanekena sy famindrampo amin' izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, hatramin'ny taranaka arivo mandimby.** Deoteronomia 7. 9

### Mahatoky Andriamanitra (2)

Andinin-tSoratra Masina maro no milaza ny tsy fiovaovan'Andriamanitra. Araka izany, Andriamanitra dia mahatoky ka :

— mamela heloka antsika, noho i Kristy :

„Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra" (1 Jaona 1. 9).

— mitarika antsika ho amina fiombonana mihamatotra kokoa hatrany, amin'ny Tompo :

Izy no „hampiorina anareo koa hatramin'ny farany... Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga ny fiantsoana anareo hananananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Korintiana 1. 8, 9).

— manome lalana ivoahana amin'ireo fizahan-toetra mianjady amintsika :

Toa tsy manan-kery isika, ary toa tsy misy fanantenana hita mangirana, kanefa mahereza satria voasoratra hoe : „Mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo ; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany làlana hahafahanareo koa, mba hahazakanareo izany" (1 Korintiana 10. 13).

— manamasina antsika, izany hoe manokana antsika mba ho Azy :

„Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo, ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy ihany no hanefa izany" (1 Tesaloniana 5. 23-24).

— manatanteraka ireo fampanantenany ao amin'i Kristy :

Ny hoavin'ny mpino dia mifamatotra amin'ireo teny faminaniana momba an'i Jesosy Kristy any an-danitra. Koa „aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany (fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana)" (Hebreo 10. 23).